

25 MARSÀ 2017



***INTY AHO ANKIZIVAVIN'NY TOMPO
AOKA HO TANTERAKA AMIKO ARAKA NY TENINAO***

Ry Kristianina havana, fankalazana manetriketrika izao 25 marsa izao dia ny nilazana fa haka nofo i

Vakiteny I : IZ 7:10-14, 14,8-10b
Tononkira : Sal. 40,
Vakiteny II : HEB. 10, 4-10
Evanjely : LK. 1: 26-38

Jesoa Kristy, zava-misy tokana amantany ary azo lazaina fa tsy hiverina intsony eo amin'ny tantara izay niseho tamin'i Masina Maria virjiny dia tsy inona fa ny nakan'ny zanak'Andriamanitra ho nofo tao aminy. Ny Evanjely androany mitantara mikasika ny mystery lehibe fahatongavana ho nofo izay tsy azo sarahina amin'ny

misterin'ny fanavotana ny olona manontolo. Io no fiandohana, ny "Eny" nataon'i Masina Maria no varavarana namoha ny misterin'ny fanavotana.

Mystery roa tahaka ny lafin'ny roa amin'ny meday Masina Maria izay tsy azo sarahina, sarin'i Masina Maria ao anoloany ary ny ambadika misy "M" sy lakroa, io "M misy" lakroa io indrindra no

manambara fa tsy azo sarahina ny misterin'ny fahatongavana ho nofo sy ny misterin'ny fanavotana. Zavatra anankiray ihany no ambaran'izay. Raha ny saintsika olombelona no entintsika mibanjina an'izany rehetra izany dia sarotra ho tanteraka na hahazo ny dikany.

Izany indrindra no fampianarana tian'ny vakiteny voalohany ho azontsika sy saintsainintsika, matetika isika eo anatrehan'ny fahasahiranana dia mahatsiaro lavitra Andriamanitra, matetika isika no mitady hanome an'Andriamanitra ny vaha-olana izay hitantsika fa mifanaraka amintsika izany hoe mahita zavatra entiko hanamboarana ny fiainako amin'izao fisedrako izao fahasahiranana izao. Isika no mifidy ny vaha-olana tiantsika ho tanteraka nefa hitantsika tsara fa Andriamanitra manana ny vaha-olana tena goavana tiany ho tanterahina amintsika fa indraindray ny saintsika no tsy mahay mandray an'izay vaha-olana atoron'Andriamanitra ho antsika izany. Hitantsika ny tsy fahampian'ny finoantsika,

isika koa dia matetika tsy ampy finoana tahaka an'i Akaza ao amin'ny vakiteny voalohany ka haka fanahy an'Andriamanitra. Raha misy ny fampianarana voalohany amin'izao fankalazana ny 25 marsa ny "Annnciation" izao, fanambarana fa ho tonga nofo ny zanak'Andriamnanitra dia Andriamanitra mitady vaha-olana lehibe indrindra eo amin'ny fiainantsika ka anjarantsika ary no mandray azy amim-pinoana satria efa nanaiky noho ny finoana i Masina Maria nahatonga an'i Jesoa ho tonga nofo tamin'ny alalany noho ny asan'ny Fanahy Masina.

Ny finoana no hahazoantsika ny tena famonjena, ny finoana no tena vaha-olana hahafahantsika miatrika ny fiainantsika.

Ry Kristianina havana mbola mamakivaky an'izao karemy izao isika, ary noraisintsika i Md Josefa izay vao nankalazaintsika tamin'ny 20 marsa teo ary androany 25 marsa kosa mahatsiaro ny filazana tamin'i Masina Maria ny fahatongavana ho nofo, fantaro fa tao anatin'ny tontolon'ny vavaka, olona marina sy olom-pinoana i Md Josefa. Raha miatrika an'izao karemy izao isika aoka ao anatin'ny finoana ny hiatrehintsika ny ADY SY DIA, ny ady ataontsika amin'ny ratsy mba tsy hanjaka eto amintsika intsony ny herisetra, ny hetraketraka, tsy hanjaka ao amin'ny fianankaviansika ny fanilikiliana, tsy hanjaka amin'ny fiaraha-monina misy atsika ny ady isankarazany, fa ny finoana, ny fahamarinana , ny rariny sy ny hitsiny, ny fampanjakana ny fihavanana ao anatin'ny fitiavana no entintsika manorina ny fiainantsika.

Aza maka Fanahy an'Andriamanitra isika amin'ireny toetra mamoafady ireny ka mahatonga atsika miditra amin'ny fahafatesana toy izay hiditra amin'ny fiainana. Ohatra velona ho antsika i Masina Maria izay nahay nandray an'i Jesoa tsy ankisalasalana tamin'ny fiainany.

Enga anie ny fanatanterahintsika amin'ny Alahady ho avy fahadimy amin'ny karemy izao ny pelerinajy eny amin'ny "montagne de français", hanampy atsika tokoa hiaraka amin'i Masina Maria, hiaraka amin'i Md Josefa hamakivaky hiakatra ny tendrombohitra manambara ny lalan'ny hazo fijaliana ataontsika, ho tahaka ny fihaonan'i Masina Maria sy Elizabeta ka rehefa tonga eny an-tendrombohitra isika tsy hanao tahaka ny nataon'i Akaza fa hanao izay nataon'i Md Josefa sy nataon'i Masina Maria dia ny hanao ny sitrak'Andriamanitra ka hilaza hoe "Inty aho".

Manao ny sitrak'Andriamanitra isika raha miova ny fontsika ary izany no hanampy atsika haha tanteraka ny dia. Miakatra ny fiainantsika, tsy mirefarefa amin'ny tany ao anatin'ny fotaky ny fahafatesana, na ao anatin'ny revon'ny hetraketraka intsony isika fa miakatra sy mijoro a ka manatsara ny fiainantsika amin'ny alalan'ny fihavanana marina amin'Andriamanitra, amin'ireo mpiara-monina amintsika sy ny tontolo iainantsika koa ka tsy hanapotika ny tranobe iombonana intsony isika. Izany ihany koa no antony ankalazaintsika mandritra ny fiakarantsika eny amin'ny

"montagne de français" ny sakramentan'ny fampihavanana satria io no hanomezan'Andriamanitra atsika ny fahasoavany tahaka ny nanomezan'Andriamanitra ny Fanahy masina an'i Masina Maria ka tonga nofo tao aminy ny zanak'Andriamanitra.

Aza mangataka famantarana isika satria ny famantarana efa natolon'Andriamanitra amintsika dia izy mamonjy atsika. Aoka ho tahaka an'i Masina Maria isika, hitondra an'i Jesoa isika eo amin'ny fiainantsika. Raha midina avy eny amin'ny "montagne de français" isika dia hitondra an'i Jesoa ka ho chapelle velona. Efa nahavita chapelle vato isika raha nahorina ny "chapelle de la miséricorde" eo amin'ny katedraly ka aoka ho "chapelle" velona isika ka hitondra an'i Jesoa eo amin'ny mpiara-belona. Ho tahaka ny nataon'i Masina Maria nankany amin'i Elizabeta ka raha midina avy eny amin'ny pelerinajy "montagne de français" isika dia hidina amin'ity tanànantsika ity, hidina eo anivon'ny diosezintsika dia mba hanolotra an'i Jesoa, izy izay tenin'Andriamanitra sy fahazavana ary fahamarinana ho antsika, Jesoa fitiavana izy ka amin'izay dia hihavao ny fiainantsika, ka ny Ady sy Dia amin'ny karemy miaraka amin'i Masina Maria sy i Md Josefa hitondra atsika amin'ny fiainambaovao. Tsy ho "chapelle" vato eo anivon'ny katedraly fotsiny fa isika velona eo anivon'ny fiainantsika andavanandro. Isika no Eglizy ary Eglizy isika raha mivavaka, raha mandalina ny finoantsika, raha mijoro ho vavolombelona, raha manompo, raha mandray an-tànana, izany rehetra izany no antenanintsika. Eglizy i Masina Maria ka isika koa amin'izao fankalazana ny "Annonciation" izao hanambara koa isika ho Eglizy eo amin'ny fiainantsika

Ry Jesoa tompo ô, nanaiky ho tonga nofo ianao ary dia i Masina Maria no nandray anao. Enga anie ho tonga nofo amin'ny fiainanay tokoa ianao ka hahay handray anao izahay. Hararaotinay izao karemy izao ary efa manakaiky tokoa ny Paka, hararaotinay izao fanaovanay pelerinajy izao any amin'ny Eglizy iraka isankarazany eto amin'ny diosezy, hiakatra miaraka aminao izahay ka hampiakatra ny fiainanay hiala amin'ny fiainana ratsy, tsy hoe manonofy eny antendrombohitra izahay fa tahaka ny niovanao tarehy, nidina ianao nanambara tamin'ny Apostoly ny famonjena, koa enga ianao hidina eo amin'ny fiainanay andavanandro ka hanambara amin'ny alalan'ny fiainanay ny vaovao mahafaly dia ianao. Enga anie ianao hankahery anay hiatrika an'izany rehetra izany ka hihavao tokoa ny fiainanay. Ianao no nampijoro anay ho vavolombelona ka ho vonona koa izahay hanasoa sy hitady ny soa iombonana ary indrindra fa handray an-tànana ny Eglizy, hanome hasina ny finoana satria ny finoana no hanamasina anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramarason